Firenena Mikambana

# Ireo tanjon'ny fampandrosoana ho amin'ny Taona Arivo

Ireo Firenena 189 Mpikambana ao amin'ny Firenena Mikambana dia miantoka ny fanatanterahana, hatramin'ny taona 2015, ireto tanjona manaraka ireto :

## 1. Mampihena ny fahantrana sy ny hanohanana

- Atao very sasaka ny ampahan'ny mponina mikarama latsaky ny iray dolara isan'andro.
- Atao very sasaka ny ampahan'ny mponina mijaly noho ny hanoanana

## 2. Miantoka ny fampianarana fototra ho an'ny rehetra

- Manome ny ankizy rehetra, lahy sy vavy, ny fomba hamitana ny fotoana manontolon'ny fianarana fototra

## 3. Manandratra ny fitovian'ny lahy sy ny vavy sy ny fizakantenan'ny vehivavy

- Foanana ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy, eo amin'ny fanabeazana fototra sy ambaratonga faharoa, hatramin'ny taona 2005, araka izay azo atao, ary eo amin'ny ambaratonga-panabeazana rehetra kosa, hatramin'ny taona 2015, fara-fahatarany

## 4. Mampihena ny fahafatesan'ny zaza

- Fampihenana roa am-pahatelo ny salan'isan'ny fahafatesan'ny zaza latsaky ny 5 taona

## 5. Manatsara ny fahasalaman'ny reny

- Fampihenana telo am-pahefatra ny salan'isan'ny fahafatesan'ny reny

## 6. Miady amin'ny VIH/Sida, ny tazo moka sy ireo aretina hafa

- Ahato ny fipariahan'ny VIH/Sida ary atomboka atotongana ny tongilana misy ankehitriny
- Folahana ny tazo moka sy ireo aretina lehibe hafa, ary atomboka atotongana ny tongilana misy ankehitriny

## 7. Miantoka ny tontolo iainana maharitra

- Aroso ireo foto-kevitra sy fampandrosoana maharitra ho amin'ny fihenan'ireo haren'ny tontolo iainana
- Atao very sasaka ny isan-jaton'ny mponina izay tsy manana fomba maharitra amin'ny famatsian - drano fisotro

- Hatsaraina ny fari-piainan'ireo olona 100 tapitrisa, fara-fahakeliny mipetraka amin'ny trano tsy zarizary, hatramin'ny taona 2020

**8. Mametraka fiombonana eran-tany ho amin'ny fampandrosoana**

- Katsahina ny fametrahana lamina ara-bola iraisam-pirenena mivelatra, mifototra amin'ny fitsipika, miahy sy mampiray. Izany dia heverina ho antoka ho soan'ny fitondrana tsara tantana, ny fampandro-soana sy ny ady amin'ny fahantrana, eo anivon'ny firenena sy iraisam-pirenena

- Iantohana ireo hetaheta manokan'ny firenena mahantra indrindra. Ny fanatanterahana io tanjona io dia mametraka tombatombana ny amin'ny ampidirana tsy misy haba sy tsy manara- penitra ny fomba-fomba mahazatra ireo entana aondrana any ivelany, fampiharana ny fandaharan'asa manohana ny fanamaivanana ny trosan'ireo tany mahantra tena be trosa, fanafoanana ireo trosa nifanarahana firenena roa manoloana ireo tompon-trosa ofisialy, sy ny fahafoizana fanampiam-bahoaka ho amin' ny fampandrosoana mavitrika kokoa ho an'ireo tany maneho ny finiavany hiady amin'ny fahantrana

- Valiana ny hetaheta manokan' ireo firenena mitoka-monina sy ireo Nosy madinika an-dàlam- pandrosoana

- Raisina amin'ny ankapobeny ny olana amin'ny trosan'ireo tany an-dàlam-pandrosoana amin'ny alàlan'ny fepetra - pirenena sy iraisam-pirenena amin'ny fanefan-trosa azo atao lavitr'ezaka

- Fiaraha-miasa amin'ny tany an-dàlam- pandrosoana, mamo-rona asa mendrika sy mamokatra ho an'ireo tanora

- Fiaraha-miasa amin'ny orinasa mpamokatra fanafody, atao tsy tapaka ary amin'ny vidiny mirary ireo fanafody tena ilaina any amin'ireo tany an-dàlam-pandrosoana

- Fiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina, atao ho an'ny rehetra ny tombontsoan'ny hai-tao vaovao, isan'izany ny hai-tao amin'ny fampahalalam-baovao sy ny fifandraisana.

Mba ho fampahalalana misimisy kokoa ny tanjon'ny fampan - drosoana ho amin'ny Taona Arivo, jereo "Road Map towards the Implementation of the United Nations Millennium Declaration - (Plan de campagne pour la mise en oeuvre de la Déclaration du Millénaire) amin'izao adiresy izao :
www.un.org/millenniumgoals